

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

LOI n° 99-028
portant refonte du Code Maritime

EXPOSE DES MOTIFS

Le Code Maritime actuel a été promulgué par la loi n° 66.007 du 5 juillet 1966.

Il traite de divers sujets touchant la police de la navigation, l'environnement, les navires, les marins, les transports, la pêche, l'organisation administrative maritime, les ventes et assurances maritimes, les actions en justice.

Or, depuis 1966, il a été modifié par plusieurs textes nationaux :

- Ordonnance n° 74.010 du 7 mars 1974 modifiant certaines dispositions du livre III du Code Maritime (J.O. du 16.03.74, page 767) ;
- Ordonnance n° 77.063 du 30 septembre 1977 complétant les dispositions de l'article 7.5.01 du Code Maritime (J.O. du 15.10.77, page 2704) ;
- ordonnance n° 77.064 du 30 septembre 1977 portant modification de l'article 7.7.07 du Code Maritime (J.O. du 15.10.77, page 2706),
- Ordonnance n° 83.028 du 21 décembre 1983 portant dérogation aux dispositions de la Loi modifiée n° 66.007 du 05 juillet 1966 relative au Code Maritime et de la loi modifiée n° 77.005 du 22 décembre 1977 portant Code général des Impôts (J.O. du 31.12.83, page 3267) ;
- Ordonnance n° 85.013 du 16 septembre 1985 fixant les limites des zones maritimes (J.O. du 21.09.85, page 1917) ;
- Ordonnance n° 92.032 du 17 juillet 1992 modifiant et complétant certaines dispositions du livre III du Code Maritime (J.O. du 24.08.92, page 1966).

Par ailleurs, le Code malgache doit tenir compte des conventions internationales suivantes qui sont entrées en vigueur depuis 1966 :

- Convention de 1969 sur le jaugeage des navires - entrée en vigueur : 18 juillet 1982 ;
- Convention de 1969 sur l'intervention en haute mer en cas d'accident entraînant ou pouvant entraîner une pollution par les hydrocarbures - entrée en vigueur : 6 mai 1975 ;

- Protocole de 1973 à la convention précédente - entrée en vigueur : 30 mars 1983,
- Convention de 1969 sur la responsabilité civile pour les dommages dus à la pollution par les hydrocarbures - entrée en vigueur : 19 juin 1975 ;
- Protocole de 1969 à la convention précédente - entrée en vigueur : 08 avril 1981 ;
- Convention de 1971 relative à la responsabilité civile dans le domaine du transport maritime de matières nucléaires - entrée en vigueur : 15 juillet 1975 ;
- Convention de 1971 portant création d'un fonds international d'indemnisation pour les dommages dus à la pollution par les hydrocarbures - entrée en vigueur : 16 octobre 1978 ;
- Convention de 1972 sur la prévention de la pollution des mers résultant de l'immersion de déchets - entrée en vigueur : 30 août 1975 ;
- Convention de 1973 pour la prévention de la pollution par les navires telle que modifiée par le protocole de 1978 - entrée en vigueur : 2 octobre 1983 ;
- Convention de 1974 pour la sauvegarde de la vie humaine en mer - entrée en vigueur : 25 mai 1980 ;
- Protocole de 1978 à la convention précédente - entrée en vigueur : 1^{er} mai 1981,
- Convention de 1974 relative au transport par mer de passagers et de leurs bagages - entrée en vigueur : 28 avril 1987 ;
- Protocole de 1974 à la convention précédente - entrée en vigueur : 30 avril 1989 ;
- Convention de 1976 sur la limitation de la responsabilité en matière de créances maritimes - entrée en vigueur : 1^{er} décembre 1986 ;
- Convention de 1978 sur les normes de formation des gens de mer, de délivrance des brevets et de veille - entrée en vigueur : 28 avril 1984 ;
- Convention de 1979 sur la recherche et le sauvetage maritimes - entrée en vigueur : 22 juin 1985 ;
- Convention de 1982 sur le droit de la mer - entrée en vigueur : 16 novembre 1994 ;
- Convention et protocole de 1988 pour la répression d'actes illicites contre la sécurité de la navigation maritime - entrée en vigueur : 1^{er} mars 1992.

Il s'avère donc opportun de procéder à la refonte du Code pour le mettre à jour compte tenu des modifications apportées par la législation nationale et les conventions internationales bien que Madagascar n'ait ratifié que la convention de 1974 pour la sauvegarde de la vie humaine en mer et la convention de 1978 sur les normes de formation des gens de mer, de délivrance des brevets et de veille.

Simultanément à la refonte, une certaine réforme doit être entreprise pour faire face à la conjoncture qui prévaut actuellement dans le secteur maritime

malgache. Il importe à cet effet :

- 1- d'ouvrir le secteur maritime aux investisseurs étrangers afin de pallier aux défaillances des compagnies nationales de navigation ;
- 2- de libéraliser les transports maritimes en abrogeant l'article 4.1.02 qui oblige les armateurs à desservir des lignes d'intérêt social mais qui ne sont pas rentables ;
- 3- d'interdire à tout navire étranger non assuré l'entrée dans un port malgache ;
- 4- d'obliger tout navire étranger à prendre un consignataire agréé qui sera personnellement responsable du paiement de toutes sommes dont le navire est redevable ;
- 5- de protéger les épaves d'intérêt historique, archéologique ou culturel qui ont été sujettes à d'importants pillages ces dernières années ;
- 6- d'améliorer la protection sociale des marins souvent victimes d'accidents graves ou d'escroqueries de la part de certains armements étrangers ;
- 7- de réglementer l'exercice du droit de grève pour l'équipage ;
- 8- d'augmenter les recettes de l'Etat en taxant tous les actes et titres délivrés par l'administration maritime ;
- 9- de relever le quantum des amendes pour rendre celles-ci plus dissuasives.

Le Code Maritime refondu est composé des parties suivantes :

- première partie : des administrations maritimes ;
- deuxième partie : du commerce maritime ;
- troisième partie : des actions en justice.

Les principaux changements effectués au cours de la refonte sont :

- l'introduction des principales dispositions de la convention sur le droit de la mer dans le livre 1 ;
- la libéralisation du secteur maritime par l'abrogation de l'ancien article 2.2.03 qui exigeait que tout navire battant pavillon malgache doit appartenir pour moitié au moins à des nationaux malgaches ;
- l'introduction dans le livre 2 d'un nouveau chapitre 8 consacré aux épaves maritimes d'intérêt historique, archéologique ou culturel ;
- l'alignement dans l'article 3.5.02 de la grille indiciaire et de la valeur du point d'indice des gens de mer avec celles des travailleurs à terre du secteur non agricole ;
- l'obligation faite dans l'article 4.1.04 à tout navire étranger entrant dans un port malgache à prendre un consignataire local et à posséder une police d'assurance en cours de validité ;
- la multiplication par dix du montant des amendes prévues dans le livre 7 ;
- la modification des dispositions du livre 8 concernant la limitation de responsabilité du propriétaire de navire et la procédure de saisie

conservatoire ;

- la non reproduction des dispositions relatives au prêt de la grosse aventure qui est tombé en désuétude ;
- la subordination de l'exercice du métier de consignataire à l'obtention d'un agrément et à la fourniture d'une caution.

Tel est l'objet de la présente loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

LOI n° 99-028
portant refonte du Code Maritime

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 07 décembre 1999, la Loi dont la teneur suit :

Article premier : Le texte du Code Maritime promulgué par la Loi n° 66.007 du 05 juillet 1966 est refondu conformément au texte annexé à la présente loi.

Article 2 : Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures contraires au présent Code .

Article 3 : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'État.

Antananarivo, le 07 décembre
1999.

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE SECRETAIRE,

ANDRIANARISOA *Ange Christophe F.*

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAM-PIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA-99-028

anavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny lalàna laharana faha 66.007 tamin'ny 5 jolay 1966 no mitondra ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina, indrindra ny mikasika ny filaminam-pifamoivoizana, ny tontolo iainana, ny sambo, ny tantsambo, ny fitaterana, ny jono, ny fandaminana ankapobeny, ny varotra sy ny fiantohana ary ny raharaham-pitsarana.

Hatramin'ny taona 1966 anefa dia maro ireo fanovana natao :

- hitsivolana laharana faha-74.010 tamin'ny 7 marsa 1974 manova ireo fepetra sasany ao amin'ny boky 3^o-n'ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina (JO tamin'ny 16.03.74 pejy 767) ;
- hitsivolana laharana faha-77.063 tamin'ny 30 septambra 1977 mameno ireo fepetran'ny andininy 7.5.01-n'ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina (JO tamin'ny 15.10.77 pejy 2704) ;
- hitsivolana laharana faha-77.064 tamin'ny 30 Septambra 1977 manova ny andininy 7.7.07- n'ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina (JO tamin'ny 15.10.77 pejy 2706) ;
- hitsivolana laharana faha-83.028 tamin'ny 21 Desambra 1983 manome alalana manokana tsy hanarahana ireo fepetran'ny lalàna nasiam-panovana laharana faha 66.007 tamin'ny 5 Jolay 1966 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina sy ny lalàna nasiam-panovana laharana faha 77.005 tamin'ny 22 desambra 1977 anaovana ny Fehezan-dalàna ankapobeny momba ny hetra (JO tamin'ny 31.12.83 pejy 3267) ;
- hitsivolana laharana faha 85.013 tamin'ny 16 septambra 1985 mametra ireo fari-dranomasina (JO tamin'ny 21.09.85 pejy 1917) ;
- hitsivolana laharana faha 92.032 tamin'ny 17 jolay 1992 manova sy mameno ireo fepetra sasan'ny boky 3^o-n'ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny

ranomasina (JO tamin'ny 24.08.92 pejy 1966).

Ankoatra izany dia tokony hampidirina ao amin'ny Fehezan-dalàna malagasy ireto fifanarahana iraisam-pirenena manaraka ireto izay nanomboka nanankery hatramin'ny 1966 :

- fifanarahana tamin'ny 1969 momba ny fatran'ny sambo - nanankery hatramin'ny 18 jolay 1982 ;
- fifanarahana tamin'ny 1969 momba ny fihetsehana any an-dranomasim-be raha toa ka misy loza mitarika na mety hitarika fandotoana avy amin'ny hydrocarbures - nanankery hatramin'ny 6 may 1975 ;
- harofenitra tamin'ny 1973 amin'ny fifanarahana voalaza eto ambony - nanankery hatramin'ny 30 marsa 1983 ;
- fifanarahana tamin'ny 1969 momba ny andraikitra sivily noho ny fahavoazana ateraky ny fandotoana avy amin'ny hydrocarbures - nanankery hatramin'ny 19 jona 1975 ;
- harofenitra tamin'ny 1969 amin'ny fifanarahana voalaza eto ambony - nanankery hatramin'ny 8 avrily 1981 ;
- fifanarahana tamin'ny 1971 momba ny andraikitra sivily ateraky ny fitaterana an-dranomasina ireo zava-nokleary - nanankery hatramin'ny 15 jolay 1975 ;
- fifanarahana tamin'ny 1971 momba ny fananganana tahiry iraisampirenena ho famatsiana noho ny fahavoazana ateraky ny fandotoana avy amin'ny hydrocarbures - nanankery hatramin'ny 16 oktobra 1978 ;
- fifanarahana tamin'ny 1972 momba ny fiarovana ny ranomasina noho ny fanariana loto ao aminy - nanankery hatramin'ny 30 aogositra 1975 ;
- fifanarahana tamin'ny 1973 momba ny fiarovana ny ranomasina noho ny fandotoana avy amin'ny sambo araka ny fanovana nentin'ny harofenitra tamin'ny 1978 - nanankery hatramin'ny 2 oktobra 1983 ;
- fifanarahana tamin'ny 1974 momba ny fiahiana ny ain'olona eny an-dranomasina - nanankery hatramin'ny 25 mey 1980 ;
- harofenitra tamin'ny 1978 amin'ny fifanarahana eto ambony - nanankery hatramin'ny 1 mey 1981 ;
- fifanarahana tamin'ny 1974 momba ny fitaterana an-dranomasina ireo mpandeha sy ireo entany - nanankery hatramin'ny 28 avrily 1987 ;
- harofenitra tamin'ny 1974 amin'ny fifanarahana eto ambony - nanankery hatramin'ny 30 avrily 1989 ;
- fifanarahana tamin'ny 1976 momba ny famerana andraikitra eo amin'ny lafiny trosa - nanankery hatramin'ny 1 desambra 1986 ;
- fifanarahana tamin'ny 1978 momba ny fenitra mikasika ny fanofanana ny tantsambo, ny fanomezana brevets sy veille - nanankery hatramin'ny 28 avrily 1984 ;
- fifanarahana tamin'ny 1979 momba ny fikarohana sy ny famonjena eny an-dranomasina - nanankery hatramin'ny 22 jona 1985 ;
- fifanarahana tamin'ny 1982 momba ny lalàna mifehy ny ranomasina -

nanankery hatramin'ny 16 novambra 1994 ;

- fifanarahana sy harofenitra tamin'ny 1988 momba ny famaizana ireo fihetsika mifanohitra amin'ny fandriampahaleman'ny fifamoivoizana an-dranomasina - nanankery tamin'ny 1 morsa 1992.

Noho izany dia ilaina tokoa ny fanavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina mba hifanaraka amin'ny vaninandro ankehitriny amin'ny fampidirana ireo fanovana nentin'ny lalàna malagasy sy ireo fifanarahana iraisam-pirenena, eny na dia hoe ny fifanarahana tamin'ny 1974 momba ny fiahiana ny ain'olona eny an-dranomasina sy ny fifanarahana tamin'ny 1978 momba ny fenitra mikasika ny fanofanana ny tantsambo, ny fanomezana brevets sy veille ihany aza no nankatoavin'i Madagasikara mandraka izao.

Amin'izao fotoanan'ny fanavaozana izao, dia karohana ny fomba ahafahana miatrika ny zava-misy ankehitriny eo amin'ny tontolon'ny ranomasina. Araka izany dia tsara raha :

- 1- sokafana ho an'ny mpamatsy vola vahiny ny sehatry ny ranomasina mba hanarenana ny lesoka taratra eo amin'ireo kompania nasionaly ;
- 2- alalahana ny fitaterana an-dranomasina ka foanana ny andininy 4.1.02 izay mandidy ny mpandraharahan-tsambo hiasa amin'ny lalana voaporofa fa tsy mamokatra na dia mitera-bokatsoa eo amin'ny lafiny sosialy aza ;
- 3- rarana ny fidirana an-tseranana ho an'ireo sambo vahiny tsy misy antoka ;
- 4- terena ireo sambo vahiny mba hanana « consignataire agréé » izay ho tompon'andraikitra mivantana amin'ny fandoavana ny vola tokony hefain'ny sambo ;
- 5- arovana ny « épaves » manan-danja ara-tantara, ara-arkeolojika na ara-koltoraly izay nahatonga fandrovana be tato ho ato ;
- 6- hatsaraina ny fiarovana ny fiainan'ny tantsambo izay matetika tra-doza na voasolokin'ny mpandraharahan-tsambo vahiny ;
- 7- fehezina ny fampiasana ny zon'ny tantsambo hanao fitokonana ;
- 8- ampitomboina ny fidiram-bolan'ny Fanjakana Foibe amin'ny famerana haba amin'ireo taratasy rehetra avoakan'ny Mpiandraikitra ny tontolon'ny ranomasina ;
- 9- akarina ny habetsahan'ny onitra mba hampihemotra ireo mikasa handika lalàna.

Mizara toy izao manaraka izao ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina nohavaozina :

- fizarana voalohany : ny momba ireo mpiandraikitra ny tontolon'ny ranomasina ;
- fizarana faharoa : ny momba ny varotra ;
- fizarana fahatelo : ny momba ny raharaham-pitsarana.

Ireto avy ireo fanovana lehibe natao nandritry ny fanavaozana :

- fampidirana ireo fepetra vaventin'ny fifanarahana momba ny lalàna mifehy ny ranomasina ao anatin'ny boky 1° ;
- fanalalahana ny sehatra an-dranomasina ka foanana ny andininy tranainy 2.2.03 izay milaza fa ny fananana ny sambo mitondra ny faneva malagasy dia tokony farafahakeliny hifampisasahana amin'ny mpandraharaha malagasy ;
- fampidirana toko vaovao 8° ao anatin'ny boky 2° natokana ho an'ny « épaves » an-dranomasina manan-danja ara-tantara, ara-arkeolojika na ara-koltoralay ;
- fampilaharana ao anatin'ny andininy 3.5.02 ny momba ny tabilaon'ny mari-karama sy ny lanjan'ny mari-karaman'ny tantsambo amin'ny an'ireo mpiasa an-tanety sehatra tsy mpamboly ;
- fanerena ataon'ny andininy 4.1.04 amin'ny sambo vahiny rehetra miditra ny seranana malagasy mba hanana « consignataire » eto an-toerana sy hanana fiantohana mbola manankery ;
- fampitomboana avo folo heny ny habetsahan'ny onitra voalazan'ny boky 7° ;
- fanovana ireo fepetran'ny boky 8° mikasika ny famerana ny andraikitritrin'ny tompon-tsambo sy ny fomba arahana momba ny « saisie conservatoire » ;
- fanafoanana ireo fepetra momba ny « prêt de la grosse aventure » izay efa lany andro ;
- fanankinana ny asan'ny « consignataire » amin'ny fahazoana fankatoavana sy fametrahana antoka.

Toy izany ny antonanton'izao lalàna izao.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAM-PIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA-99-028

anavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina.

Nolanian'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-7 desambra 1999 izao lalàna manaraka izao :

Andininy voalohany : Nohavaozina araka izao rijan-teny atovana ity lalàna ity izao ny rijan-tenin'ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina izay nentin'ny lalàna laharana faha 66.007 tamin'ny 5 jolay 1966.

Andininy 2 : Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra mifanohitra amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Andininy 3 : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-7 Desambra
1999

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,

NY SEKRETERA,

ANDRIANARISOA *Ange*
Christophe F.